facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Nahazo fahefana dia manitsaka ny ministra Imbiky Herilaza

**Hetsika Montpellier :** nahazo fahefana ilay IMBIKY HERILAZA dia nivadika ho olon-doza manitsaka. Nolazainy fa tsy misy gadra politika eto Madagasikara. Ka ankoatr'ireo noendrikendrehina, fa nikasa hamono ny SEG teo aloha, jeneraly Ravalomanana sy ny raharaha Apollo 21. Dia inona ireto olona ireto ? Mpitaingina bisikileta ve ? Sa mpanao hosodoko ? Mbola Rajonah, Rolly Merci, Beari Marcellin, Berija?…

**Gabriel Ramarojaona :** marina zany ! Arminah Elysoa : toerana ifandimbiasana io ka tsy maintsy hisy ny soa fianatra!

**Nicole Andriamarosoa :** ary toa matavy b sahady koa ty ministra... Loozaa!

**Fizarana Lemizouu :** nandiso fanantenana tanteraka, tsy nampoizina !

**Daniel Razafiarison Ranaivoson :** ny fahefana mampiova Zavatra a !

**Nosy Rivomalala :** hivaly ny ratsy atao ,tsy ho ela.

**Morad Razakamanantsoa :** mbola ho tsaraina...

**Guenolet Prisly :** mamy ny Vola de mahavita mivarotra fanahy am fahamarinana .

**Rakotobe Mahagaga Hanitriniaina :** Mr le ministre tazony ny zonao aza alaim-baraka ny rainao stp!

**Ranaivorazo Feno :** minisitra TGV ve tsy hanamarina ny fitondrana nanendry azy e ? inona mahagaga @ olona mpiara-misôsy e !

**Tovo Razaka :** tena loza ty !

**Lovanirina Ratovondrahona :** izay enie ilay hoe manampahaizana fa tsy misy fahendrena e!

**Flavien Rakotonarivo :** i Junior koa ilay niteny hoe azo samborina koa ny FMI fa mamoaka salan'isa diso be. Efa ho alefa hono ny mandat d'arrêt. Hihihiiiii!

**Mi Kalo :** inona zany no tokny atao @ Raoul ra ny eritreritrao?

**Hetsika Montpellier :** manginy fotsiny ireo nesorina tsy ho magistrat koa, ary nandefasana mandat d'arret international toa an'i Raoul Arizaka sy Fanirisoa Ernaivo.... Ity Imbiky Herilaza ity daholo izany.

**Nosy Rivomalala :** Tina Christinah mitodika aiza n'y sofinao s'y n'y masonao??? Ary ny VAVANAO ??? Normal ve,???

**Sidiniaina Lothaire Marino : Nosy Rivomalala :** manao fanahiniana rajakombazaha ve adinonareo io zao misy anakiray ohatra loza loza rajakombazaha mpanimba gasy.

**Sidiniaina Lothaire Marino : Nosy Rivomalala :** tena zay efa tsy rariny tsony, olona tsy lany tamn fifidianana no mitondra doublon marobe.

**Nosy Rivomalala : Sidiniaina Lothaire Marino:** Raha mbola radomelina eo an! rava ny fiainana eto , lasa apatride eto isika, tsisy hanaiky zany eto , fa aleoko mifanjevo @ reo an!

**Sidiniaina Lothaire Marino : Nosy Rivomalala :** marina tena marina.

**Nosy Rivomalala :** tsy maintsy miomana isika f'efa andohalika n'y ranombary efa an-kitrokely aza e!

**Nosy Rivomalala : Sidiniaina Lothaire Marino :** zany mitsy , tsy hanaiky tsika e!

**Morad Razakamanantsoa :** "Mbola mena ambanin'ny mena" izy, angamba...

**Tina Christinah :** sao ianareo no minia manampina ny masonareo sy manentsina ny sofinareo, ka manadino ny nataon'ireo olona lazanareo ireo !!

**Hetsika Montpellier :** Tina Christinah : ka mba lazao hoe inona no nataon'i Rolly Mercia ? Ka nampigadra azy 44 volana… Miandry ny valiteninao.

**Hetsika Montpellier :** ary raha nisambotra an'i Mbola Rajaonah, maninona no tsy misambotra an'i Rinah Rakotomanga ? Mbola andrasana koa ny valiteninao.

**Hetsika Montpellier :** ny an'i Berija sy Beari, fanehoan-kevitra no nataony. Raiso hoe ny rainao no maneho hevitra dia gadraina, dia mba ahoana ny fijerinao ?

**Ninà Rakotoarivony :** Hetsika Montpellier : asa mbola ho fantany fa an'olona manko Zao n'y Lelo dia hainy n'y manisina azy fa n'y iray andro ho tsaroiny io.

**Nicole Andriamarosoa : Tina Christinah :** refa tsy azo na tsy naharaka na tsy hay lay resaka d aza miteny kely akory. Kkkk!

**Gaston Rabemihoatra:** nahazo fahefana tokoa Imbiky Herilaza dia lasa olon-doza, mbola ho tsaraina koa io!

**Roger Mandimbisoa:** mody malefaka fiteny Ingahy Rainy, fa io no fositra amin'ny fanagadrana olona amin'izao fotoana.



TSIPY KANETIBE

## Tafaverina avy any Espagne ny ekipa malagasy

Tafaverina an-tanindrazana tamin'ny alakamisy 18 novambra 2021 teo, ireo ekipam-pirenena amin'ny taranja Tsipy kanetibe, rehefa avy niatrika sy niaro ny voninahi-pirenena tamin'ny fiadiana ny amboara eran-tany natao tany Espagne. Noho ny fanarahana ny fepetra ara-pahasalamana tsy maintsy narahana, ka iandrasana ireo mpilalao nihiboka any amin'ny hôtely dia mbola ho lazaina amin'ny fotoana mahamety azy ihany ny lanonana fandraisana azy ireo amin'ny fomba manetriketrika. Tsiahivina etoana aloha ireo vokatra azo tany Espane : ■ Champion du monde de "tir de précision" : -Faneva Ramanandraitsiory ■ Vice champion du monde triplette : - Hasina Manampisoa Rajerisoa - Hery Mampandry Rakotomalala - Herizo Mahandry Rakotomalala - Faneva Ramanandraitsiory.

**_Rainilita_**



*Ireo mpilalao tafaverina an-tanindrazana.*

Run "King Mobil Drag Racing"

## Any Arivonimamo amin'ny 28 novambra izao

Any Arivonimamo amin'ny faha-28 novambra 2021 izao, no hanatanterahana ny andiany faha-3 amin' ny fifaninanana fanamoriana fiarakodia: Run "King Mobil Drag Racing. Fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara andiany faha-3 amin'ity taona 2021 izy io, araka ny nambaran'ny Club Runmada mpikarakara azy ity teny Tsaralalàna tamin'ny alakamisy 18 novambra 2021 teo, sady hahafantarana izay mpanamory ho tompondakan'ny Oseana Indiana ihany koa, satria hisy teratany reoniôney handray anjara amin' ny fifaninanana. Halaviran-dalana mirefy 400 m no hifaninanana amin'izany. Efa nanomboka tamin'io 18 novambra io ny fisoratana anarana ho an'izay handray anjara amin'ny fifaninanana.

**_Rainilita_**



*Amboara Run.*

Volleyball Analamanga

## Hangotraka indray eny Ankorondrano

Hangotraka indray eny Ankorondrano amin'ny fanatontosana ny fiadiana ny ho tompondakan'ny taranja volley-ball, eto amin' ny ligin'Analamanga sokajy seniors, anio sabotsy 20 sy rahampitso alahady 21 novambra 2021. Ireo lalao ankatoky ny famaranana sokajy lahy sy vavy, no tena handrasan'ny maro anio sabotsy ary ireo lalao famaranana kosa no hatrehina rahampitso alahady 21 novambra. Fandaharan-dalao anio sabotsy 20 novambra 2021 : -Gymnase Ankorondrano 07H00: BG FINAL BIAS # MVBC MF FINAL ASI # BIAS 2DF 1/2 FINAL SQUAD1 # SQUAD2 2DF 1/2 FINAL RVB # CCVB 1DF 1/2 FINAL AMVB#VBCD 1DF 1/2 FINAL BIAS # ASI 1DM 1/2 FINAL GNVB1 # POLE 1DM 1/2 FINAL GNVB2 # COSFA Terrain cité Itaosy 14H00 T1 JF GNVB # AFA CCVB # SQUAD T2 CG ASI # ASSM GNVB # VBCD T3 CF BIAS # VBCD ASI # GNVB.

**_Rainilita_**



*Volleyball teny Ankorondrano.*